TATITRY NY FILAN-KEVITRY

NY MINISITRA

Alarobia 01 jolay 2026 - Lapam-panjakana Iavoloha

I. FAMPITANA AM-BAVA

MINISITERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fangataham-pizakan'ny Fanjakana malagasy ny hetra momba ny karama (IRSA) amin'ireo tambin-karama raisin'ny Lehiben'ny Fokontany sy ireo Lefiny.

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fankatoavana amin'ny alalan'ny fanaovana sonia ny Arofenitry ny Vondrom-piarahamonina ho an'ny Fampandrosoana an'i Afrika Atsimo (SADC) momba ny antontanisa ataon'i Madagasikara.

MINISITERAN'NY NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fikarakarana ny fanentanana nasiônaly fanaraha-maso sy fanamafisana ny ady amin'ny kitrotro, iarahana mpiara-miombona antoka amin'ny GAVI, ny 5 ka hatramin'ny 9 oktobra 2026.

- Nankatoavina ny fampitana am-bava mikasika ny fanombohana ny fifanarahana fiaraha-miasa vaovao eo amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Federasiônina Nasiônalin'ny Mpiara-miantoka ara-pahasalamana « Miara-Miahy ».

MINISITERAN'NY FAMPIANARANA ARA-TEKINIKA SY NY FANOFANANA ARAKA ASA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanatanterahana fanofanana araka asa amin'ny alalana "chantier-école".

MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO

- Tamin'ny fitsidihana nataon'ny Filohan'ny Fanavaozana, vao andro vitsy izay, tany Morondava dia nitarainan'ireo Vahoaka any an-toerana ny olana mikasika ny tohodrano Dabara. Koa ho fandraisana andraikitra avy hatrany momba ireo tetika hanarenana ny simba amin'izany tohodrano izany dia nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanomezana alalana hampiasana ny vola tavela taorian'ny famaranana ny Tetikasa "Jeunes Entreprises Rurales dans le Moyen-Ouest" (PROJERMO) ho an'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fahaleovantena ara-tsakafo (MiASA).

MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FAHALEOVANTENA ARA-TSAKAFO + MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fandraisan'ny Fanjakana an-tanana ny hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana (IMP) ao anatin'ny Tetikasa Fampiroboroboana ny Saha sy Fametrahana ho an'ny Famokarana Masombolin'ny vary eto Madagasikara (JICA).

MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANANA ASA SY NY ASAM-PANJAKANA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanafainganana ny fandrafetana ny Boky miraikitra ny Lisitry ny Toeran'asa Voasokajy eo anivon'ireo departemantan'ny minisitera ao anatin'ny fampiharana ny Vinam-pitantanana ny Isan'ny Mpiasa, ny Toeran'Asa ary ny Fahaiza-manao (GPEEC).

MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fanomanana ny fandravonana farany ireo fehin-kevitra azo nandritra ny fikaonandoham-pirenen'ny tanora teo anivon'ny kaominina, distrika ary faritra, ao anatin'ny Fanavaozana ny Repoblika. Mbola hambara amin'ny fotoana manaraka ny daty raikitra hanatanterahana amin'ny fomba ôfisialy izany fandravonana ny fehin-kevitra farany izany.

MINISITERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHANTENA + MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

- Nankatoavina ny fampitana am-bava momba ny fangatahana fahazoan-dalana hanatanterahana ireo Lalaom-pirenena momba ny Fanatanjahantena an-tsekoly, ny 10 hatramin'ny 16 aogositra 2026 any Mahajanga.

II. FANDRAISANA DIDY AMAN-DALANA

FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nolaniana ny didim-panjakana anendrena ireo mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanana ny Orinasa *Fonds Souverain Malagasy S.A. (FSM).*

MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY

- Nolaniana ny volavolan-dalàna manova sy manampy ny andininy sasantsasany amin'ny Lalàna laharana faha 96-029 tamin'ny 06 desambra 1996, nanova sy nanampy ny Lalàna laharana faha 98-030 tamin'ny 20 janoary 1999, mikasika ny sata ankapoben'ny miaramila. Ampiakarina roa (02) taona avy ny fetran-taona hiasana ho an'ny manamboninahitra lefitra sy miaramila an-daharana.

MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO

- Nolaniana ny didim-panjakana ampiharana ny fomba fanitsiana avy hatrany ny vidin-tsolika farany ambony apetraka eny amin'ny paompy.

MINISITERAN'NY RANO, NY FANADIOVANA SY NY FIDIOVANA

- Nolaniana ny didim-panjakana manambara ho tombontsoa iombonana ireo asa ilaina amin'ny fanatanterahana ny tetikasa fanatsarana ny fampisitrahana rano fisotro madio eto Madagasikara na PAAEP manodidina ny Kaominina Ambonivohitra Mahajanga sy ny Kaominina Ambanivohitra Belobaka ary ny fahazoana amin'ny alalan'ny raharaham-pihavanana na fanesorana ny fizaka-manana noho ny tombontsoa iombonana ireo ampahan-tany na trano voakasik'ireo asa ireo

III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2023-053 tamin'ny 18 janoary 2023 ary manendry an'**Andriamatoa RAZAFIMANJATO Narindra Njarasoa Mihaja** ho *Directeur d'Etablissement du Centre Hospitalier Universitaire Joseph Ravoahangy Andrianavalona* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

MINISITERAN'NY FIOMPIANA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Patricia** ho *Directeur Administratif et Financier du Fonds de l'Elevage* eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiompiana.

MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANANA ASA SY NY ASAM-PANJAKANA

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-787 tamin'ny 16 jolay 2025 ary manendry an-d**Ramatoa RABOTOSON Sitrakiniaina Rodolphe Emmanuellah** ho Talem-paritry ny Asa, ny Fampanana Asa sy ny Asam-panjakana ao Fitovinany.

MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RALAHIMIHAJATOLOTRA Alexis Franluc** ho Talem-paritry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro ao Bongolava.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTOARINAIVO Miantaharimiamina Honja Michel** ho Talem-paritry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro ao Alaotra Mangoro.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha-1924 tamin'ny 13 novambra 2024 ary manendry an'**Andriamatoa RAFANOMEZANTSOASIDY Andréa Gabriel** ho Talem-paritry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro ao Sofia.

MINISITERAN'NY FIZAHANTANY SY NY ASATANANA

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RANDRIAMANARIVO Nirina Ny Aina Erica** ho Talem-paritry ny Fizahantany sy ny Asatanana ao Bongolava.

Antananarivo, 01 jolay 2026,

Rahajason Harry Laurent
Talen'ny Serasera
eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika